# FANAMBARAN'NY AMNESTY INTERNATIONAL

7 Aprily 2020 Tondro laharana: AFR 35/2117/2020

## MADAGASIKARA: MPANAO GAZETY NOTANANA AM-PONJA VONJIMAIKA SATRIA LASA ATAON'NY FITONDRAM-PANJAKANA FITAOVANA FAMPITAHORANA NY MPANAO GAZETY NY FISIAN'NY VALAN'ARETINA COVID-19

Tokony havoakan'ny fitantanam-panjakana Malagasy avy hatrany tsy misy fepetra ilay mpanao gazety notànana am-ponja rehefa nampangaina ho nanakiana ny fepetra noraisin'ny filoham-pirenena hiadiana amin'ny valan'aretina COVID-19, hoy ny Amnesty International androany. Nampidirina am-ponja vonjimaika eny Antanimora ny 4 aprily lasa teo i Arphine Helisoa, talen'ny fanaovan-gazety "Ny Valosoa". Taorian'ny lahatsoratra iray nosoratany sy navoakany tamin'ny gazety "Ny valosoa" tamin'ny alalan'ny aterineto dia voapanga ho nanaparitaka vaovao tsy marina izy ka nandrangitra ny mpamaky hankahala ny Filoha Andry Rajoelina; io gazety io izay heverina fa manana fifandraisana akaiky amin'ny akaikin'ny mpanohitra. Ny votoatin'io lahatsoratra io, izay nivoaka tamin'ny 2 aprily, dia nitondra fanakianana mahakasika ny fepetra noraisin'ny fitondram-panjakana Malagasy manoloana ny fiatrehana ity valan'aretina COVID-19, efa mihanaka erak'izao tontolo izao ity. Voalazan'io lahatsoratra io fa tsy hain' ny fitondram-panjakana ny mifehy ny olana satria dia avela misokatra ny tsena kanefa tsy misy fepetra hentitra raisina ho fiarovana ireo mpifamoivoy. Etsy andanin'izany anefa dia mampiasa hery famoretana koa izy ireo hanaparitahana ireo izay tavela ivelann'ny trano ohatra. Niampanga ny Filoha ho "mpamono olona" araka izany ny lahatsoratra satria tsy nahomby teo amin'ny fandraisana ireo fepetra tokony hampiharina mifandraika amin'ny toe-javatra misy eto Madagasikara izy ka mety hiafara amin'ny fahafatesan'ny vahoaka malagasy maro an'isa izany.

Toy ireo asa fanaovan-gazety rehetra eto Madagasikara, nohon'ny fihibohana dia ny 21 martsa lasa teo no nisian'ny fanotam-pirinty farany ho an'ny gazety raha mbola mandeha tsara kosa ny famoahana lahantsoratra sy ny serasera amin'ny anterineto sy ny pejy Facebook. Araka ny hevitry ny mpisolo vava azy dia misy ambadika politika io fisamborana azy io satria talen'ny asa famoahana gazetin'ny mpanohitra izy.

Nanomboka tamin'ny taona 2016 dia tsy tao anatin'ny fehezan-dalàna mikasika ireo sazy azo hampiharina noho ny heloka an-tserasera na ny "cybercriminalité" toy ny fanalana baràka na fanompàna an-tserasera intsony ny fampidirana am-ponja ka midika izany fa tsy tokony hogadraina intsony ny mpanao gazety nampangaina ho nanala baraka na nanompa. Na dia nanamarina aza i Gérard Rakotonirina, filohan'ny holafitry ny mpanao gazety eto Madagasikara, fa mpanao gazety ara-dalàna i Arphine Helisoa, dia nolavin'ny manam-pahefana ny maha-mpanao gazety azy. Izany fandavana izany no nararaotin'izy ireo hihazonana azy ka nampiasana ny lalàna hoenti-managadra azy ary nilazana fa tsy mpanao gazety izy saingy voampanga ho nandrisika ny mpamaky hankahala ny mpitondra . Nilaza àry i Gérard Rakotonirina fa fa tsy manaja ny fahalalahana amin'ny asa fanaovan-gazety izao fisamborana tsy ara-drariny izao ary misy fiantraikany ratsy eo amin'ny asa fanaovan-gazety.

Noho ny fisian'ny valanaretina COVID-19 dia tsy fantatr'i Arphine Helisoa ny daty hiakarany fitsaràna. Midika izany fa mety ho voatazona am-bolana maro izy. Mampivarahontsana anefa ny toe-piainana eny. Araka ny tatitra nataon'ny Amnesty International tamin'ny taona 2018 dia misesika ao anaty efitra feno hipoka avokoa ireo gadra, ao anatin'ny toerana izay lavitry ny fahadiovana, ny fanjarian-tsakafo ary ny  ary ny fitsaboana ara-dalàna. Ny fampiharan'ny fitondram-panjakana ny fitànana  am-ponja vonjimaika diso tafahoatra no antony mahafeno hipoka ny fonja. Nitatitra mikasika ny fisian'ny fanohintohinana ny fahalalahana haneho hevitra sy ny asa fanaovan-gazety ihany koa ny Amnesty International efa taona vitsivitsy lasa izao. Noho ny tahotra ny mety ho fihanaky areti-mifindra ao amin'ny fonja izay sady ara-pahasalamana no feno hipoka, dia nangataka tamin'ny ny fitondram-panjakana ny Amnesty International ny mba hanenana haingana ny isan'ny gadra manerana ny nosy ka handefa ireo voatàna am-ponja gadra vonjimaika. Tokony hamoaka avy hatrany ary tsy misy fepetra an'i Arphine Helisoa ny fitondram-panjakana, ary hanome toky fa hiaro ny zon'ny fahalalahana maneho hevitra, na ho an'ny mpanao gazety izany na ho an'ny olon-tsotra.

**Sahan-kevitra**

Fanindroany izao i Arphine Helisoa no voapangan'ny fitondram-panjakana eto Madagasikara ho nanaparitaka vaovao tsy marina. Tamin'ny septambra 2019 izy sy mpanao gazety roa hafa no voampanga voalohany ho nanaparitaka vaovao tsy marina raha namoaka sarina helikopteran'ny tafika malagasy. Nohafahana madiodio izy tamin'ny io tranga io.